

## MILAZA VOKA-JAVATRA MAMPIASA "so"

Maro ny sehatra ampiasana ny "so" amin'ny teny Anglisy. Amin'ity lesona ity, dia ny asany entina maneho na milaza voka-javatra no ndeha hojerena.

Raha amin'ny heviny ara-bakiteny ny "so" dia azo adika amin'ny teny Malagasy hoe "noho izany" ary mipetraka manelanelana fehezan-kevitra roa no hahitana azy ao anaty fehezanteny.

### Examples:

- She is sick, so you have to take her to the doctor today. / Marary izy, dia tokony entinao any amin'ny dokotera androany. (na "noho izany")
- I have a test tomorrow, so I need to revise my lessons tonight. / Miatrika fanadinana aho rahampitso, dia mila mianatra lesona androany alina. (na "noho izany")
- I'm expecting a visitor, so I can't go out tonight. / Misy vahiny andrasako, dia tsy afaka mivoaka androany alina.
- He does not like eating out, so he always comes back home to have lunch. / Tsy tia misakafo any ivelany izy, dia mody foana misakafo antoandro.
- Mushrooms are in season now, so they are cheap. / Amin'ny fotoany tsara ny holatra amin'izao, dia mora.
- Monica is difficult to deal with, so no one wants to talk to her. / Olona sarotra ifandraharana i Monica, dia tsy misy te hiresaka aminy.
- Luc is an honest person, so he will never tell you a lie. / Olona marina Luc, ka tsy hiteny lainga aminao na oviana na ovian izany.
- The weather is so terrible, so be careful on the road. / Ratsy be ny toetrandro, fa mitandrema amin'ny lèlana.
- The exam is not far, so do not spend your time doing nothing. / Efa akaiky ny fanadinana, noho izany aza lanilaniana amin'ny tsy misy dikany ny fotoananareo.
- We will never come back here again, so make sure you don't forget anything. / Tsy hiverina eto intsony isika, fa tandremo tsara mba tsy hisy zavatra adino.

**sick:** marary

**have to:** tsy maintsy

**take:** mandray, mitondra

**doctor:** mpitsabo

**today:** androany

**have a test:** manao fanadinana

**tomorrow:** rahampitso

**need:** mila

**revise:** mamerina mijery

**lesson:** lesona

**tonight:** androany alina

**expect:** miandry, manantena zavatra hitranga

**visitor:** mpamangy, mpitsidika

**can't:** tsy afaka

**go out:** mandeha mivoka

**now:** izao, amin'izao

**like:** tia

**eat out:** misakafo any ivelany

**always:** foana

**come back home:** mody

**have lunch:** misakafo antoandro

**mushroom:** holatra

**in season:** amin'ny fotoany

**cheap:** mora vidy

**difficult to deal with:** sarotra ifandraharana

**no one:** tsy misy olona

**want:** te

**talk:** miresaka

**honest:** marina, mahitsy

**person:** olona

**tell a lie:** mandainga

**far:** alavitra

**time:** fotoana

**come back:** miverina

**again:** indray

**foreget:** manadino

**spend:** mandany (vola, fotoana)

**do nothing:** tsy manao na inona na inona

**here:** eto, aty, ety

**make sure:** tandremo tsara

**anything:** zavatra, na inona na inona

**weather:** toetrandro

**terrible:** ratsy be, mahatsiravina

**be careful:** mitandrema

**road:** làlana

**exam:** fanadinana